“Rehefa mandre ny mpiantso amin’ny Azan ianareo, dia lazao izay lazainy, dia mivavaha ho ahy, fa izay mivavaka indray mandeha ho ahy

Tatitra azo avy tamin'i Abdollah bin Amro bin Al-À’si (R.A), izy nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “Rehefa mandre ny mpiantso amin’ny Azan ianareo, dia lazao izay lazainy, dia mivavaha ho ahy, fa izay mivavaka indray mandeha ho ahy, dia hitahy azy impolo Allah, aorian'izany dia angataho amin’Allah ho ahy ny "wasìlat" fa izany dia toerana avo ao amin’ny Paradisa, tsy mendrika ho amin’izany raha tsy mpanompon’Allah iray ihany, ary manantena aho fa izaho no izy, ka izay mangataka amin’Allah ho ahy "wasìlat, dia hahazo ny fanelanelanakol".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanoro hevetra ho an'izay nandre ny mpiantso amin'ny vavaka ny Mpaminany (S.A.W) mba hamerimberina ao aoriany ary hiteny toy izay nolazainy, afa-tsy ny andininy roa, ka hilaza izy aorian'ireo hoe : (Là hawla walà qowwata illà billàhi - Tsy misy hery na tanjaka afa-tsy amin’Allah), ary avy eo izy dia mivavaka avy hatrany ho an’ny Mpaminany (S.A.W), rehefa avy nahavita Azan, satria izay nivavaka ho azy dia hahazo noho izany valiny folo avy amin'Allah, ary ny dikan'ny vavak’Allah amin’ny mpanompony : dia ny fiderany ny mpanompony any amin'ireo anjely. Avy eo dia nadidy izy ny hangataka amin'Allah ho azy ny "wasìlat", ary izany dia toerana ao amin'ny Paradisa, izay ambony indrindra, ary izany toerana izany dia tsy mety na mora ho an'ny rehetra afa-tsy iray ihany amin'ireo mpanompon’Allah Tsitoha, ary manantena aho fa izaho izany, fa ny filazan'ny mpaminany (S.A.W) izany dia noho ny fanetren-tena ihany; Satria raha an'ny olona iray ihany io toerana ambony io, dia tsy iza io olona iray io afa-tsy ny Mpaminany (S.A.W) Satria izy no zavaboary mendrika indrindra. Avy eo nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa izay mangataka ho an'ny Mpaminany (S.A.W) ny "wasìlat, dia hahazo ny fanelanelanana avy aminy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65087